Piccole Suore Missionarie della Carità
(Don Orione)
Casa generale
Via Monte Acero, 5 – 00142 Roma
www.suoredonorione.org

Maka bahana mibanjina ny ho avy eo
am-pitoriana ny Evanjelin'ny fitiavana.

Ry Rahavavy malala,

Ianareo anadahy ary tapaka sy namana rehetra

Tiako indrindra amin'izao fanombohan'ny hasivianandro ho an'i Masina Maria Reny Mpiambina izao no manambara aminareo rehetra an-kafaliana sy fankasitrahana izao filazàna manaraka izao, satria ho antsika dia tsy misy fety tsara sy mamy ary akaiky indrindra ny fanomezam-pahasoavantsika toy ny fetin'i Masina Maria ao Tortona noho ny maha- toerana nahaterahan'ny fikambanantsika azy !

Tsy isalasalana fa na dia i Md Louis Orione Mpanorina malalantsika aza dia handray anjara any an-danitra amin'izao fotoan-dehibe ho sokafako anio izao, dia tsy inona fa ny fanokafana ôfisialy ny telo taona amin'ny fiomanana hankalazàna ny faha-zato taona niorenan'ny fikambanantsika amin'ny 2015.

Ny Fitondran'Andriamanitra no nanokatra ny lalana mba hafahantsika manomboka an'izao telo taona fanomanana izao ny 23 agositra, ary ao anatin'ny hasivianandro fanao mialohan'ny fetin'i Masina Maria Mpiambina no anaovana an' izany.

Voatsangana avy hatrany ny kômisiona ho an'ny faha-zato taona araka ny tondro-marika tamin'ny fihaonam-be faha-XI (fanapahan-kevitra n°8), izany dia eo ambany fitarihan'i Masera Maria Bernadeth Martins de Oliveira, mpanolon-tsaina jeneraly izay nandray am-po tokoa sy fahavitrihana ary fandraisana andraikitra lehibe amin'ny fandaminana ankapobeany ireo telo taona izay izorantsika makamin'ny faha-zato taona ireo ; ary amin'ny fomba miavaka no anokafana izany ny 23 agositra ho avy izao amin'ny alalan'ny fankalazana izay atao ao amin'ny Maison Mère, ao amin'ilay lasapelin'ny trano 400 lira; ny fanentanana ny raozery sy ny fankalazana ny Eokaristia kosa dia hatao ao amin'ny fiangonan'ny Reny Mpiambina eo anilan'i Masina Maria sy Mompera Orione araka izay hitanareo eo amin'ny peta-drindrina misy ny fanasana voaray.

Akoatra izany dia voaomana koa ny « logo » sy ny vavaka voatokana ho an'ny faha-100 taona mba hanamarihana izao fankalazana izao sy hampiombona antsika ara -panahy.

Ny **"logo"** izay vao navoaka voalohany eto am-piandohan'ity taratasy ity, araka ny fahatsorany sy ny halaliny dia mampahatsiaro antsika ny maha-izy antsika sy ny misionantsika ary ny vanim-potoanan'ny faha-100 taona niorenantsika: 1915-2015.

«Ô ry Misioneran'ny Fitiavana, ny tanan'Andriamanitra no niantso anareo mba hizara ny fitiavana ao am-pon'ireo marary sy nilaozana! Firifiry moa ny asa soa iantsoana anareo mba hizara ny fitiavana sy hampitombo azy... mandehana mitory ny fitiavan'i Jesoa Kristy amin'ny teny sy ny asanareo, manaova sakrifisy ary ataovy sorona ny fiainanareo..."[1].

Amin'ireo tenin-dRay nataon'i Mompera Orione ireo no ahitantsika ny famintinana ny anton'ny fisiantsika amin'ny maha- Masera Madinika Iraky ny Fitiavana antsika ao amin'ny Fiangonana sy izao tontolo izao. Amin'io « logo » - ny faha-100 taona io dia navoitra mamirapiratra avy eo amin'ny Lakroan'i Jesoa ny fitiavan'Andriamanitra izay mivelatra amin'ny alalan'ny fiainantsika, eo am-pelantanantsika, amin'ny asam-pamindra-po ataontsika ka mameno voka-tsoa ny fiangonana. Ny Fitiavana no fitaovana ampiasaintsika hitsaboana sy hanambatambazana ireo marary, amin'ny alalany no hitoriana ny evanjely sy hisokafana ary hiombonana amin'izao tontolo izao, amin'ny alalany koa no itiavana sy anompoana an'i Kristy ao amin'ireo mahantra ary hahatsapan'izy ireo ny fitiavan'i Kristy sy ny maha-reny ny Fiangonana.

Ny vavaka...

Ny vavaka hoan'ny faha-100 taona dia ho toy ny famantarana izay mampiombona antsika ara-panahy ary manomana ansika hiaina izao fankalazana izao amin'ny toe-panahy vonona mihaino ny Fanahy Masina, mahafoy tena sy misokatra amin'Andriamanitra sy ny namana.

Ho fitaovana toy ny "logo" izay azontsika ampiasaina amin'ny hetsika rehetra mandritra ireto telo taona hizorantsika makamin'ny faha-100 taona ireto izy.

Miantefa amin'ny fitondran'Andriamanitra ity vavaka ity, satria izay rehetra natao nandritra izay 100 taona izay ary ireo mbola hatao dia asany ary ho azy mandrakariva. Ny Fitondran'Andriamanitra no nivimbina ary mbola hitantana ny diantsika amin'ny lalan'ny hatsaram-panahy sy ny fahamarinana ary ny fahamendrehana. Ny fitiavana tapitrohatry ny Fitondran'Andriamanitra no nanatontosa ary mbola hanao zava-dehibe amin'ny "maha-madinika" antsika.

Noho ny finoana ny Fitondran'Andriamanitra ihany no nanosika antsika tamim-pahasahiana lehibe mihoatra ny herintsika mba hihoatra ny sisin-tanin'Italia sy Eropa ka "*hitondra an'i Kristy amin'ny vahoaka ary ny vahoaka ho an'ny Fiangonan'i Kristy"* [2].

Eo am-pelantanan'ny fitondran'Andriamanitra no mbola hametrahantsika indray ny fiainantsika sy ny asantsika, ny ankehitriny sy ny ho avintsika, mazava loatra fa azo atao ny zavatra rehetra ho an'izay rehetra mino sy matoky Azy.

Eto am-pamaranana dia tiako ny misaotra an'ireo rehetra miara-dalana akaiky sy miara-miasa amintsika am-pahafohizan-tena sy fitiavana ary hafaliana amin'izao zotra izao mba ho entina manatsara sy mandalina ny fankalazana ny faha-100 taona.

Isaorako ireo olona rehetra izay hatramin' izay ka hatramin'izao mbola miara-dia sy mizara ny maha-mpiray donak'afo antsika ato amin'ny fianakaviana Orionista sy ny misionantsika.

[1] Costituzioni delle PSMC, Art. 41; Don Orione 5-8-1932
[2]Scritti di D. Orione 51,190.

Manasa ny rehetra tsy an-kanavaka aho mba hiara-misaotra ny Fitondran'Andriamanitra eo am-panokafana miaraka ny vavaka ho an'ny faha-100 taona.

> **Ry Fitodran'Andriamanitra,** Ianao no nibitsika an'i Mompera Orione tamin'ny hatsaram-panahy tsisy fetra izay namelona ny fijoroan'ny vehivavy tao amin'ny fanomezam-pahasoavany, tamin'ny alalan'ireo Masera Madinka Iraky ny Fitiavana, misaotra Anao izahay noho izany fanomezana tsy manan-tsahala izay nitatra tao amin'ny fiangonana sy izao tontolo izao izany.
>
> **Anao ny fideranay,** noho ireo Masera izay nanara-dia an'i Olomasina Mpanorina ka niaina ny tantaran'izao 100 taona izao sady niara-niasa tamin'ny fandaharan'Andriamanitra tamin'ny fitondrana ny fitiavan'i Kristy amin'ny mahantra sy ny madinika ary ireo lavitra an'Andriamanitra sy tena voailikilika.
>
> **Ry Fitodran'Andriamanitra ô,** ampio izahay mba hiaina ny faha-100 taona niorenanay sy tsy fivadihana amin'ny fanomezam-pahasoavana, hanaiky ny fitarihan'ny Fanahy Masina sy hisokatra amin'ny fanambaran'ny fotoana sy ny toerana. Enga anie ny Masera Madinika Iraky ny Fitiavana rehetra miely eran'ny vazan-tany mba ho mpitondra ny « famindram-po sy ny voninahitr'Andriamanitra » izay nivoaka tamin'ny fon'i Kristy ka ho vavolombelona amin'ny maha-mpaminan'ny fitiavana sy ny fiombonana ary ny asam-panirahina an-kasahiana.
>
> **Ry Maria, Reny sady Mpanorina ny Fikambananay ô,** mba tantano izahay ary volavolay ny fiainanay hifanaraka amin'ny fiainan'i Jesoa zanakao, amin'ny hatsaram-panahy sy fahamendrehana ary fahamarinana mba hitondràna ny rehetra ao amin'i Kristy sy ny Fiangonana. **Amen.**

I Masina Maria, ilay Reny Mpiambina sy Mpanorina mamin' ny Fikambanantsika anie « *ho môdely eo amin'ny zotram-piainantsika amin'ny Finoana sy ny fanarahan-dia an'i Kristy, atokantsika Aminy ny fiainantsika manontolo, ny asantsika ary ny ankohonantsika* »[3]. Atokantsika Aminy ny lalan-kizorantsika sy ny hetsika rehetra izay ho tanterahina manerana ny Provinces samihafa sy ny toerana izay misy antsika amin'ny maha- Masera Madinika Iraky ny Fitiavana antsika.

I Masina Marie anie hitantana sy hampianatra antsika hanaiky ho tarihin'ny Fanahy Masina, mba ahafahan'Adriamanitra manohy ny fanantanterahana ao amintsikatoy ny nataony Taminy « ireo *zava-dehibe, satria masina ny anarany ary amin'ny taranaka mifandimby sy izay matahotra azy ny famindra-pony* » (Lk 1,49-50).

Pour tout et pour toujours : DEO GRATIAS ET MARIAE!

Sr. M. Mabel Spagnuolo
Superieure générale

Rome, Maison générale 17 août 2012.

[3] PSMC, Atti XI CG, pag. 15.